

SOS
KEEP
NATURE
STANDING
IUCN

# SOS LEMURS

Malagasy



Sary: Houdin&Palanque

Ny fandaharan'asa IUCN Save Our Species (Vonjeo ny Karazam-biby sy karazan-javamanirintsika) izay sampana iray ao amin'ny International Union for Conservation of Nature (IUCN), dia manohana ny fikajiana mifototra amin'ny siansa atao eny ifotony mba hanavotana ny biby, zavamaniry sy ny holatra amin'ny faharinganana. Ny ezaka ataonay dia ampifantohanay any amin'izay hananany fiantraikany lehibe indrindra, amin'ny alalan'ny famatsiana ara-bola ireo fikambanana misehatra eny ifotony manerana izao tontolo izao izay manana fahalalana manokana momba ny faritra misy azy ireo sy ny fahamaroanaina eny ifotony.

Isika tsy mijery ireo karazam-biby sy zavamaniry mitokana na oviana na oviana. Ny tetikasa rehetra ao anatin'ny IUCN Save Our Species dia tsy mikendry fotsiny ny hiarovana ireo karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza, fa mikendry ihany koa ny hiarovana ny toeram-ponenany sy ny hanatsarana ny fiveloman'ny olona miankina amin'izy ireny. Mba hiarovana ireo karazam-biby sy zavamaniry tandindonin-doza ary mba hahitana vokatra lovain-jafy sy lavitra ezaka amin'izany, ny tetikasanay rehetra dia mirafitra manodidina ny fiantomorana momba ny fikajiana misy fototra telo, izay mifantoka amin'ny Karazana, ny Toeram-ponenana ary ny Olona.

Amin'ny maha fiombonana maneran-tany mamondrona fanjakana, vaomiera siantifika, mpikambana sy vondrona manam-pahaizana manokana azy, ampiasainay ny tambajotran'ny IUCN mba hanitarana ny hetsika momba ny fikajiana, amin'ny alalan'ny fanamafisana fahaiza-manao sy ny fampivelarana ny fahalalana.




## MADAGASIKARA DIA IRAY AMIN'IREO FARITRA MANAN-KARENA ZAVAMANANAINA INDRINDRA MANERAN-TANY, ANISAN'IZANY IREO KARAZANA *PRIMATES* MARO.

Indrisy anefa, araka ny *IUCN Red List of Threatened Species*™, 94% amin'ireo karazana varika na *lémuriens* 112 fantatra dia tandindomin-doza atahorana ho lany tamingana, ary efa ho ny ampahatelony (31%) no atahorana ho lany tamingana ankehitriny, Ahiana Fatratra ho Ringana. Ny antony lehibe mahatonga ny fihenan'ny varika dia ny fahaverezan'ny ala fonenany izay tena lehibe vokatry ny fanaovana tavy, ny fitrandrahana ala tsy ara-dalàna sy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany tsy ara-dalàna, ny doro ala, ary koa ny fihazana azy ireny hihinanana ny henany sy hivarotana azy tsy ara-dalàna mba hatao biby fiompy. Ireo tsindry ireo no antony mahatonga ny varika ho anisan'ireo karazam-biby tandindonin-doza indrindra eto ambonin'ny tany.


**94%**

**AMIN'IREO KARAZANA VARIKA NA LÉMURIENS 112 FANTATRA DIA TANDINDOMIN-DOZA ATAHORANA HO LANY TAMINGANA**



Sary: Houdin&Palanque
Sary fanehoana: ICTE

## SARINTANIN'NY TETIKASA




## DINGANA VOALOHANY (2017-2023)

**49**
TAMIN'NY FANDAHARAN'ASA DIA NANOHANA TETIKASA

**36**
MANERANA AN'I MADAGASIKARA

NANDRAY ANJARA TAMIN'NY FIAROVANA IREO KARAZANA VARIKA

**63**
AO AMIN'NY TOERANA LAHARAM-PAHAMEHANA

1. Montagne des Français
2. Analamerana
3. Andrafiamena-Andavakoera
4. Loky Manambato
5. Sahamalaza-Nosy Radama
6. Bemanevika sy Marimbondroa
7. Ambohimirahavavy Marivorahona - COMATSA
8. Makira
9. Masoala
10. Tandavanala Bongolava
11. Ankarafantsika
12. Faritrala Maevatanana sy Ambato-Boeny
13. Farihin'Alaotra
14. Tandavanala Andrefana Ankeniheny Zahamena
15. Torotorofotsy
16. Anjozorobe Angavo
17. Betampona
18. Tandavanala Ankeniheny Zahamena
19. Tsimembo Manambolomaty/ Mandrozo
20. Maromizaha
21. Andriantantely
22. Menabe Antimena
23. Mahatsara
24. Maromizaha
25. Mangabe
26. Makay
27. Ranomafana
28. Kianjavato
29. Tandavanala Ambositra-Vondrozo
30. Ala faly Analavelona
31. Ivohiboro
32. Manombo
33. Ankarabolava-Agnakatrika
34. Tsimanampesotse sy Amoron'I Onilahy
35. Plateau Mahafaly et Lavavolo
36. Tsitongambarika


Ny *SOS Lemurs* izay nanomboka ny taona 2017 dia manohana ny ezaky ny fiarahamonim-pirenena amin'ny fiarovana ny varika, indrindra amin'ny alalan'ny paikadin'ny *IUCN/Species Survival Commission Lemur Conservation*. Ny fandaharan'asa, izay hetsika tokana eto amin'izao tontolo izao miompana amin'ny fiarovana ny varika dia haharitra hatramin'ny taona 2029.

**Amin'ny alalan'ny famatsiam-bola madinika, antonony ary lehibe, ny SOS Lemurs dia mikendry ny:**


Fiarovana ny varika sy ireo toerana manokana hahitana azy ireo.



Famerenana amin'ny laoniny toeram-ponenan'ny varika.




Fanohanana ny vondrom-piarahamonina sy fanatsarana ny toe-piainany mba hanenana ny fiankinan-dohan'izy ireo amin'ny harena voajanahary.




Fampahafantarana ny besinimaro ny faharefoan'ny varika izay atahorana ho lany tamingana eto Madagasikara.



Fanampiana ireo mpisehatra amin'ny fiarovana/ONG eto an-toerana mba hampivelatra ny tanjon'izy ireo amin'ny fampandrosoana maharitra: amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahazoana fahalalana, ny fampitana fahalalana, ny fanorenana fahaiza-manao ary ny fizarana traikefa.



Fanohanana ny ezaka fikarohana sy fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpahay siansa eto an-toerana mba hanohy ny fikarohana momba ny tontolo iainana sy ny fiarovana ny varika.





## DINGANA FAHAROA

Ao anatin'ny dingana faharoa, izay vinavinaina hanomboka ny taona 2024 ny fandaharan'asa ankehitriny ary hanohy ny fanohanana sy fiaraha-miasa amin'ireo vondrom-piarahamonina, tambajotran'ny fiarahamonim-pirenena ary manampahefana eny ifotony mba hanamafisana ny fiarovana ny varika, hanohanana ny fampitana fahalalana eo amin'ireo mpiaro ny tontolo iainana, ka antenaina hisy fiantraikany amin'ny politika nasionaly sy iraisam-pirenena ny ezaka, hanamafisana ny fahaiza-manao eo an-toerana ary hanaitra ny sain'ny besinimaro momba ny maha zava-dehibe ny fiarovana ny lemur sy ireo karazana biby atahorana hafa.



Sary: Jean-Christophe Vié

Ny fanadaharan'asa SOS Lemurs dia manohana ny fanatanterahana ny tanjona efatra maharitra ao amin'ny ***Global Biodiversity Framework (GBF)*** na Firafitra Maneran-tany ho an'ny Fahamaroanaina, sy ny **Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra** ary ny Fifanarahana momba ny fiovan'ny toetr'andro na ny ***Paris Agreement on Climate Change***.

# TANDREMO SY AROVY NY NATIORA

Ampio izahay hampita ny hafatra.
**Mifandraisa aminay.**

IUCNSOS.ORG
@IUCNSOS

*Ny fandaharan'asa fiarovana SOS Lemurs dia tanteraka noho ny fanohanana malala-tanan'ny Fondation Hans Wilsdorf.*

Sary fonon'ny bokikely: Marco Campera